


Le CJD, c'est le Club des journalistes doyens de Madagascar *(« Mpanao gazety zokiolona »)*. Il a été créé 18 Août 1993. Certes, cela ne fait pas 20 ans pleins en cette année 2015 mais tant qu'il reste encore des survivants, il est toujours mieux de célébrer cela cette année. Le CJD n'est pas une entité politique. Sa politique réside en une plateforme semblable à celle d'une société civile : sans but lucratif. Le CJD, dans sa défense de l'éthique et de la déontologie journalistique, se pose en plateforme d'échanges entre ses membres, d'écoute et de suggestions pour la génération actuelle de journalistes malgaches, mais également de tribune d'échanges d'informations et de vigilance envers toute entrave vis-à-vis du métier, n'ayant, hélas, aucun pouvoir de décision.




**De g. à dr.: Rabefananina, Dany Be, Suzelle, Jean Aimé, Rémi, Benja**

CJD
CLUB DES JOURNALISTES DOYENS

**Comment devenir membre du CJD ?**

**STATUT**

TITRE III : MEMBRES DE L'ASSOCIATION

ARTICLE 6 - Sont membres du Club, tout journaliste professionnel en activité ou avoir été admis à la retraite, ayant plus de 55 ans d'âge, au moins 20 ans de vie professionnelle, adhérent au présent Statut du Club.

ARTICLE 7 - Toute candidature d'adhésion peut se faire à tout moment de l'année auprès du Bureau Exécutif. Elle doit être entérinée par l'Assemblée Générale (AG).

MEMBRES SYMPATHISANTS

ARTICLE 7bis - Peut-être Membre Sympathisant du Club toute personne de plus de 18 ans parrainée par deux membres et dont l'adhésion peut se faire à tout moment de l'année auprès du Bureau Exécutif.

Le Membre Sympathisant prend part à toutes les activités du Club sauf aux activités professionnelles du Club et aux délibérations concernant la profession journalistique.

Le Membre Sympathisant peut être élu ou désigné ex profession dans le Bureau Exécutif et sera désigné Assistant Technique du ou des journalistes en fonction dans le Bureau Exécutif.

ARTICLE 8. L'Assemblée Générale, sur proposition du Bureau Exécutif, est habilitée à exclure du Club à titre temporaire ou définitif tout membre pour les motifs suivants :

- non respect des dispositions du Statut et du Règlement Intérieur ;

- non paiement des cotisations pendant deux années consécutives ;

- comportement susceptible de porter atteinte au prestige du Club.

ARTICLE 9. Toute radiation ne peut prétendre à la restitution des cotisations versées.




**A gauche: Suzelle et Jean Félicien**




**Benja et Norbert**




**Jeanne, Samy et Benja**




[illegible]




**Taitsy Gilbert**




**Jean Louis Rafidy**




**Olga Randrianarison**




**Robert Andriantsoa**




**Jeanne Rasoanasy**




**Jean-Jack Ramambazafy et Dany Be**




**CJD ... Bureau permanent pour 2013-2016 ... Ramandimbilahatra** [illegible]

CLUB DES JOURNALISTES DOYENS

[illegible]



[GARY "RASY VAVA" RAMANANJATO (+2011)]




[PAUL ABRAHAM (+2012)]




[BIG MAX RATSIMANDISA (+2012)] [-VIDEO ICI-]



GEORGES RAKOTONDRASOAVA (+juin 2013)




RICHARD CLAUDE RATOVONARIVO (+août 2013)





[illegible] RAZAFINDRAMIANDRA (+2015)

**[illegible] TO MADAGASIKARA TSY FANADINO**






**Rémi Rahajarizafy**



NY TANTARAN'NY GAZETY TETO MADAGASIKARA 1866 - 1970

Tsiahivin'I RAHAJARIZAFY Remi
Mpanao Gazety Mpahay Tantara
Mambra ao amin'ny *Club des Journalistes Doyens (CJD)*

1- Faha – Mpanjaka

1866 : **Teny Soa hanalan'andro** : naorin'ny LMS

1878 1 zanvie : Ny **Sakaizan'ny Tanora**

1874 – 1883 : **Dinika** : niandraiketan'i Mompera Caussèque

1892 : **Iraka** : niandraiketan'ny Mompera isany Vigouroux, Castets, Malzac, Cadet, Delom ; noraràn'ny governemanta frantsay fa toa tsy manaraka loatra ny politikany

1883 : **Ny Gazety Malagasy**, tamin'ny andron'i Ranavalona II

1885 : **Ny Malagasy**, naorin'I Le Myre de Vilers, ary namelively fatratra ny governemanta malagasy sy ny Praiministra Rainilaiarivony. Niaro ny vazaha frantsay sy ny fananany teto sy ireo Malagasy niaraka taminy. Niaro mafy koa ilay Fifanarahana tamin'ny 17 desambra 1885, miteny ny "protectorat".

2- Faha – Zanatany

1896 : **Ny Gazety Malagasy**, mbola nitohy ny fisehoany, nampiana soratra hoe: **Journal official de Madagascar et Dépendances**, naorin'ny Jeneraly Gallieni, Gouverneur general, ary teo ambany fahefany, tao Antaninarenina. Namolavola ny toe-tsain'ny Malagasy mba hiraiki-po amin'I Frantsa sy ny sivilizasiona tandrefana

**Ireo gazetin'ny Colons**:


-Toamasina :
-1900 **La Dépêche de Madagascar** an'i M. Gilem sy De Buschère. Ny sous- titre dia hoe : *Madagascar aux colons* (devise)

-1905 : **Le Signal** ; - 1910 : **Le Journal de Madagascar** ;

-1921 : **Le Colon**
-1926 : **Madagascar** ;
-1929 : **Le Combat** ;
-1930 : **Volonté** ;
-1932 : **Notre voie** ;
-1937 : **L'Effort**

-Tananarive :
-1900 : **L'Echo de Madagascar**, naorin'i De Buschère ;

-1907 : **La Tribune de Madagascar** ;
-1909 : **Le Progrès de Madagascar** ;
-1909/1910 : **L'Action de Madagascar** ;



-1919 : **Le Madécasse** an'i Bruno Gaëtan ;
-1936 : La **Sous – France**.

Nisy ny pejy ekonomika tamin'ireo gazety ireo. Nisy koany pejy politika. Namolavola ny sain'ny colons ireo gazety ireo. Teo koa ny niaro ny Malagasy tahaka ny "**L'Opinion**" tany Diego Suarez an-dry Dussac – Ralaimongo- Dr Ravoahangy.

Ny taona 1945 – 1960 dia nipoitra ny **Tana - Journal** an-dry Roger Clément, Fraise, Liotard izay niaro mafy ny colons sy nanenjika ny tia tanindrazana aok'izany. Tao ny **France – Madagascar** an-dry Teillet sy Le Verbe, ny **Journal de Madagascar**,sns…

**Ny an'ny Fiangonana**:

1-Ny Protestanta :

1899: **Ny Mpamafy** an'ny Mission Protestante Française –MPF);

**Ny Mpanolotsaina** : niandraiketan'ny pasitera MPF isany Paul Martin, Gabriel Mondain, Louis Gaignaire. Nalaza ny laharana N° 45 Janvier 1915 sy ny N° 72 Octobre 1921. Isan'ireo mpanoratra ngezalahy tao ireo : Elisée Escande, Groult, Mondain, Ravelojaona, Ramambazafy, Rabetafika, Rabary, Raminosoa, Ramaromisa, Jonah Gabriel, Dr Rajaofera de la Faculté de Medecine de Paris, Rajaobelina pasteur Ilafy, Dr Rakotonirainy, Joseph Andrianaivoravelona, Andriamifidy, Dr Rajaobelina, Rasamoelina ambatomasina, sns…

**Ny Sakaizan'ny Tanora** (1878) 1 Janoary, gazety ara-pilazantsara ho an'ny kristiana tanora malagasy. Mbola velona tsara amin'izao taona 2010 izao. Atontan'ny Trano Printy Loterana, miseho isam-bolana.

1927 : **Ny Fanilon'ny Tanora**, isam-bolana, niandraiketan'ny Pasitera Ravelojaona sy Jean Beigdebert, nanorina ny Tily sy ny Foyer Chrétien tao Amparibe. Nanoratra tao ry Ravoajanahary (rainy), ry Rombaka. Nisy lahatsoratra tamin'ny teny frantsay tao.

1928 : **Ny Fiainana** naorin'i Pasitera Mondain sy Ravelojaona, miseho isam-bolana, gazety natao ho an'ny mpiasan'Andriamanitra. Isan'ny mpanoratra tao ry Ratrema, Randzavola,Rajonaj Gabriel.

Niseho taty aoriana kely koa ny **Ranovelona**, gazetin'ny maintimolalin'Ambohijatovo Avaratra ary niandraiketan'i Rasamaoelina Ambatomasina, zokiolona indrindra tamin'ny fanakalazana ny faha-100 taonan'ny Gazety Malagasy (1966).

**2-Ny Katolika**


-1905 : **Notre Feuille malgache** nataon'iPère de Villèle, isam-bolana

-1909 : **Le Messager du Cœur de Jésus**, isam-bolana

-1911 : **Ny Feon'ny Marina** izay naharitra ela tokoa (50 taona mahery), ary isan'ny mpanoratra tao ny Mompera isany Emmanuel andrianasy, Robert Ralandy, Bernard Rabe, sns…

-1925 : **Fenomanana** an'ny Mpianatry ny AAF ary mpanoratra nalaza tao ry Pierre Rapiera (Pierre double) ; -Ho anao Ramatoa : natokana ho an'ny vehivavy, navoakan'ny Imprimerie cataholique koa.

-1926 : **Lakroan'i Madagasikara**. I Jean Baptiste Ramanamisata no nanorina azy ary namidiny tamin'ny Misionera Katolika avy eo. Isan'ny gazety lehibe teto an-toerana ny Lakroan'I Madagasikara



izay fananan'ny Misiona Katolika Antananarivo hatramin'ny taona 1968. Mompera hatrany ny direkterany hatramin'ny taona 1965.
Teo vao nisy laika : Guy Razafimanantsoa, Rahajarizafy Rémi, Ratoovoarisoa Bernard Marie. Isan'ny mpanoratra nalaza tao ry Albert Ralibera (Rainisoanoro), Ralevason (Valera), Razafinjato, Rabetsileo, Monsenera Bernard Rabe, Mompera Ramahery, sns…
Nafindra tany Fianarantsoa ny gazety avy eo, teo ambany fiadiadian'ny Zezoita. Ka isan'ny mpanoratra ngeza tao ry Mompera isany Rémi Ralibera, Claude Andriamihaja, Tabao Xavier Manjarimanana, sns…

Tao koa ny gazety **Isan'andro** (1933 – 1968) niandraiketan'I Paul Razafinjato sy ny ekipan'ny Lakroa avy eo.

-1934 – 1974 : **Lumière** : Mompera Morel no namorona azy tao Fianarantsoa. Niasa ela tao ny Mompera isany Dailliez, Pierre Gérard izay isan'ny ,ampahalaza nay gazety amin'ny lahatsoratra "*édito*" fanaony isan-kerinandro. Be mpamaky tokoa ity gazety iray ity.

Tao koa ny **Fanilo** an'I Mompera Job Rajaobelina senatera sy Razafindrakoto Gabriel.

-1928 **: Ny Fahazavana** an'ny Association Saiant Michel (ASM)

-1928 ihany : **Imerina Lavasofina**, gazety hafa kely ity, nosahanin'ny laika kristiana nahitana an-dry Joseph Razafintsalama, Emmanuel Andrianasy, Ramanankilana, Rabe Régis, ry Don-Davitra, sns… Nitahiry ny teny Malagasy tranainy ity gazety ity.

-1970 : **Isika Mianakavy**, Fianarantsoa. Isan'ny nanorina azy sy nanoratra tao I Mompera Rémi Ramanantoanaina sy ny laika niaraka taminy. Niparitaka ity gazety ity ary voakaly tsara ny fanaovana azy.

*RAHAJARIZAFY Remi*
*Mpanao Gazety Mpahay Tantara*
*Mambra ao amin'ny **Club des Journalistes Doyens (CJD)***




**[illegible] ny Be et Moks Razafindramiandra à la Tranompokonolona**



**[illegible]**